

17 Aprily

**LUCIEN BOTOVASOA OLONTSAMBATRA
MARTIRY**

Fankalazana

Teraka tao Vohipeno (faritra Vatovavy Fitovinany) tamin'ny taona 1908 i Lucien Botovasoa. Vita batemy tamin'ny 1922 izy ary lasa mpampianatry ny sekoly katolika tao. Nanam-bady aman-janaka izy ary mpanolo-tsainan'ny tanàna. Mpitaiza tian'ny tanora erý, tia hira sy mozika izy, sady olona falifaly lalandava. Nanorina ny Fikambanana Tersieran'i Md François tao Vohipeno izy ary lasa mpivavaka andro aman'alina fa te ho olomasina sy maritiry aza. Naleony hovonoina tamin'ny 1947 toy izay hanaiky hiara-miasa amin'ny mpamono sy mpanenjika eglizy, ary nanolo-tena ho fanavotana ny rahalahiny sy ny tanindrazana izy. Notapahin-doha teo amoron'ny Matitanana i Lucien Botovasoa tamin'ny 17 avrily 1947, ary ninoan'ny mponina teo no eo fa olomarina martiry mpiahy ny tanindrazany tokoa izy.

IOMBONAN'NY MARTIRY

VAKITENY FAHA ROA

Fanambarana nataon'i Jaona Randrianarivo (26 septambra 1966)

Andriamanitra ô, mamelà ireto rahalahiko ireto

Niaraka tamin'ny lehilahin'Ambohimanmarivo rehetra tao amin'ny tranobe aho tamin'izay, anisan'ireo manafolahy ary teo akaikin'ny varavarana fidirana no nipetrahako. Vao avy noefaina i Emmanuel Gay, dia nampidirina i Lucien nentin'ny rahalahiny tao amin'ny tranobe. Nitangorona manodidina an'i Tsimohono mpanjaka ny olon-dehibe, somary atsimo atsinanana kely, ary tafapetraka teo akaikin'ny mpanjaka i Lucien.

Hoy ny mpanjaka: "Naman'ny Padesm ianao ka hotsaraina". Namaly tamin'ny feo avo i Lucien hoe: «Fantatro fa hamono ahy ianareo ka tsy afaka mandà aho; raha ny aiko no hahavotra ny olomaro, aza misalasala hamono ahy ianareo. Ny angatahiko dia ny rahalahiko tsy ho kasihina". Noekena izany fangatahany izany.

Naharitra teo amin'ny 40 miniotra na adiny iray teo ny resaka nifanaovan'ny mpanjaka sy ny loholona ary i Lucien. Niteny moramora izy ireo teny ambony, izaho kosa tety akaikin'ny varavarana fidirana ka tsy nahare izay teny nifanaovany, afa-tsy ilay teny iray teo izay naverimberin'i Lucien.

Farany, namoaka didy ny mpanjaka, dia nentina i Lucien, izy irery. Efa sahabo ho tamin'ny folo alina tamin'izay. Nijanona tao amin'ny tranobe ny loholona sy ny mpanjaka, fa ny sisa, teo amin'ny 30 lahy mahery teo, no nanotrona an'i Lucien ho any amin'ny famonoana azy, tsy ny manafolahy ihany, fa teo koa ny olon-dehibe sasany [...].

Rehefa tonga teo avaratry ny tetezan-kazo kely izay mampita any amin'ny "abattoir", dia nangataka i Lucien mba hivavaka. Nihataka kely izy anaty kirihitrana ao andrefan-dalana, atsinanan'ny ampalibe iray izay mbola eo hatramin'izao, dia nandohalika izy ka nivavaka tamin'ny feo mazava. Nifanakaiky taminy indrindra aho tamin'izay ka izao no tadidiko. - Azafady, mompera, fa hanao dictée aho -, dia

nanombin-tsaina izy niteny moramora (ohatra ny manao teny fankamasinana amin'ny lamesa) hoe: «Andriamanitra ô, hoy izy tamin'ny feo heno tsara, mamelà ireto rahalahiko fa sarotra aminy izao adidy ataony amiko izao. Enga anie ny rako latsaka amin'ny tany ho fanavotana ny tanin-drazako».

Dia nitodihako ireo roa lahy na telo teo akaikiko ireo ka nobitsibitsihiko ny hoe: « Ô rô! Olona toy io va ka vonoinareo! Tsy matahotra ve ianareo? ». Izaho koa mba nangovitra, samy natahotra ny amin'ny ainy izahay fa nantsoina ka tsy afa-manohitra.

Dia nivavaka moramora teo amin'ny 10 miniotra teo Ramose: protestà aho ka tsy tadidiko tsara sady tsy afaka hamerina izay fivavahana nataony teo.

Dia nitsangana izy, nitàna ilay tetezana, dia nentina eny amoron-drano Ramose, dia niteny izy hoe: «Raha hamono ahy ianareo, aza fatoranareo aho fa izaho avao mamatotra ny tenako» dia nakambany nanao tanam-bokovoko ny tanany roa.

Nandohalika sy nivavaka indray izy, dia ny teny teo ihany no naveriny. Vita ny fivavahany, nasaina nihohoka izy, niankandrefan-doha nitodika tamin'ny renirano – tsy nisy hazo “billot” akory. Niherika tamin'ny olomaro izy nilaza hoe: “Mangataka aminareo aho, aza mba atao atsy sy arý ny antsinareo, fa ataovy izay hahatapaka ny vozoko indray mamely”, sady nataony an’ohatra tamin’ny tanany [...], dia tapaka hatrany ny lohany. Avy eo samy nanao sary mamely azy, na nanisy ny antsiny tamin’ny rany, izay teo. Dia narian’izy ireo tanatin’ny rano ny fatiny, niakanjo ihany, pataloha sy lobaka volontany.

VALIN-KIRA

Jn 14, 1.2b-3

R/. Aza mitebiteby ny fonareo, *mino an’Andriamanitra ianareo ka minoa ahy. Aleloia.

V/. Handeha aho hanamboatra fitoerana ho anareo,
Dia ho avy indray aho haka anareo ka izay itoerako no hitoeranareo.

R/. Mino an’Andriamanitra ianareo ka minoa ahy. Aleloia.

VAVAKA

Andriamanitra ô,
nataonao nanaraka ny lalan’ny Vaovao Mahafaly sy nampianatra azy
i Lucien Botovasoa olontsambatra,
hatramin’ny fandatsahana ny ràny eo am-pivavahana ho an’ireo namono azy;
ka omeo anay koa, noho ny vavaka ataony,
mba ho tonga mpianatra mahatoky
sy vavolombelon’ny Zanakao maty teo ambonin’ny hazofijaliana ary nitsangan-ko velona,
Fa Izy Andriamanitra velona miaraka aminao ao amin’ny Fanahy Masina
amin’ny taona rehetra mandrakizay. Amen.

FIVERENANA TONONKIRAN’I ZAKARIA

Mt 5, 12

Mifalia, ry olomasin’Andriamanitra,
sy miravoravao, fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra. Aleloia.

FIVERENANA TONONKIRAN’I MASINA MARIA

Jn 12,24

Raha tsy maty ny voam-bary nafafy tamin’ny tany, dia mitoetra foana izy;

fa raha maty kosa izy, dia mahavokatra be. Aleloia.

17 Avril

BIENHEUREUX LUCIEN BOTOVASOA

MARTYR

Fête

Né en 1908 à Vohipeno (sud-est de Madagascar), baptisé à 14 ans, Lucien Botovasoa devient instituteur paroissial. Marié et père de famille, conseiller universel, il est un merveilleux pédagogue, musicien, joyeux et plein d'humour. Il découvre le Tiers-Ordre de St François et vit une mystique de la prière perpétuelle, de la sainteté et du martyre. Lors de l'Insurrection de 1947, il refuse de participer à la violence et s'offre à mourir pour sauver ses frères et pour le salut de sa patrie. Décapité le 17 avril 1947 au bord du fleuve Matitanana, il est aussitôt réputé martyr protecteur de son pays.

COMMUN DES MARTYRS

2ème LECTURE

Récit du martyre du bienheureux Lucien, par Jaona Randrianarivo, témoin oculaire

(Vohipeno, 26 septembre 1966: Positio super virtutibus, 508-509)

Mon Dieu pardonne à mes frères

J'étais, avec tous les hommes d'Ambohimanarivo, à la maison clanique, dans le groupe des jeunes gens. Je me trouvais assis à l'entrée. Après Emmanuel Gay qui venait d'être exécuté, fut introduit Lucien, amené à la case par ses frères. Les notables entouraient le roi Tsimohono un peu au sud-est et Lucien assis à côté du roi.

Le roi déclara : « Tu es lié au Padesm, tu vas donc être jugé ». Lucien répondit d'une voix ferme et forte : « Je sais que vous allez me tuer et je ne peux refuser. Si ma vie peut sauver beaucoup de monde, n'hésitez pas à me tuer. Ce que je vous demande, c'est de ne pas toucher à mes frères.» On lui accorda cette demande.

L'entretien qu'eurent le roi et les grands responsables avec Lucien dura de 40 minutes à 1 heure. Ils parlaient bas entre eux au haut de la maison, moi j'étais près de la porte d'entrée et je n'ai pas pu entendre leurs propos, sauf cette parole-là que Lucien répéta plusieurs fois.

Finalement le roi donna l'ordre, et on emmena Lucien, lui seul; il était vers 10 h du soir. Les grands responsables et le roi restèrent à la maison clanique. Les autres, plus d'une trentaine, accompagnèrent Lucien au supplice, parmi lesquels Jaonah.

Arrivés au nord du petit pont de bois qui donnait accès à l'abattoir, Lucien demanda à prier. Il s'écarta un peu dans un fourré à l'ouest du chemin, à l'est d'un arbre à pain qui se trouve là à présent, il se mit à genoux et pria à haute voix. Il se trouva que je me trouvais alors tout à côté de lui, et voici ce dont je me souviens. Pardonnez-moi, mon Père, je vais vous dicter ses

paroles (puis d'un ton recueilli, « comme on dit les paroles de la consécration ») : « Mon Dieu, dit-il à haute voix, pardonne à mes frères que voici, car ils ont maintenant un devoir bien difficile à remplir envers moi; puisse mon sang versé en terre l'être pour la rédemption de ma patrie. »

Je me retournai alors vers mes 2 ou 3 voisins immédiats et leur dis à voix basse : « Oh ! Vous allez tuer un tel homme ! N'avez-vous pas peur ? » Je tremblais pour mon propre sort. Tous nous étions requis et nous ne pouvions faire autrement.

Le Maître pria doucement environ 10 minutes : je suis protestant, et je ne me rappelle pas bien, je ne saurai rapporter toute la prière qu'il a faite alors.

Puis il se releva; on passa le pont, on l'amena au bord de l'eau et le Maître dit : « Pour me tuer, ne m'attachez pas, je me lie moi-même » et il croisa ses poignets l'un sur l'autre.

Il se mit à genoux et pria encore, en répétant les mêmes paroles que précédemment. Quand il eut fini de prier, on l'invita à s'allonger sur sa face, la tête tournée à l'ouest vers la rivière – il n'y avait aucune sorte de billot. Il se retourna vers eux tous et leur dit : « Je vous en prie, ne promenez pas vos coupe-coupe de ci de là, faites en sorte de me trancher la tête d'un seul coup, » et il fit le geste de sa main. (...) Sa tête fut tranchée. Ensuite, ceux qui étaient présents firent le geste de le frapper ou de tremper leur coupe-coupe dans son sang. Puis ils jetèrent son corps dans l'eau, toujours vêtu, avec le pantalon et la chemise kaki.

REPOS **3**

Jn 14, 1.2b-

R/ Que vos coeurs ne se troublent pas,
*Vous croyez en Dieu, croyez aussi en moi. Alléluia !
V/ Je m'en vais vous préparer une demeure,
Et puis je reviendrai vous prendre : où je demeure vous demeurerez.
*Vous croyez en Dieu, croyez aussi en moi. Alléluia !

PRIERE

Ô Dieu,
qui as accordé au bienheureux Lucien
de suivre la voie de l'Évangile et de l'enseigner
jusqu'à verser son sang en priant pour ses bourreaux,
donne-nous aussi, par son intercession,
de devenir des disciples véritables
et des témoins de ton Fils crucifié et ressuscité.
Lui qui.

ANTIENNE A BENEDICTUS

Mt 5, 12

Réjouissez-vous, saints de Dieu, soyez dans l'allégresse : votre récompense est grande dans les cieux. Alléluia !

ANTIENNE A MAGNIFICAT

Jn 12,24

Si le grain ne tombe en terre, il reste seul ; mais s'il meurt, il porte beaucoup de fruits.
Alléluia !